

"Izay tena sakaiza tokoa dia tia amin'ny andro rehetra

***OHABOLANA . 17:17 a"***

Ry kristiannina Havana rehetra aty amin'ny FKMSM (Fiangonana Malagasy eto Suisse sy ny Manodidina ) , ~~Projet~~ : ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana sy ny fiadanana any amin'Andriamanitra raintsika sy Jesosy Kristy Tompo

Nohon' ny soa vitanareo tamin'ny fanampiana anay tamin'ny fanorenana ny fiangonana Ambalatambina , dia tsy hainay ny tsy hisaotra anareo eny fa na dia tara aza izany , dia tsy manadino izahay ny amin'ny fitrotroam-bavaka anareo taty nohon' ny soa vitanareo .Ka ny vola fanampiana izay nomenareo dia voarainay tamin'ny 19 volana Avril lasa teo , efa napetraka any amin'ny Banque BFV FIANARANTSOA ary mitondra ny N° de compete :MG460008 00340 05004007910 82

Nohon'ny laharam-pahamehana dia natao vonjy ranovaky ny fanamboaran ny varavarana sy varavarankely ary pilopitra tamin'ny vola izay nalefanareo . Koa dia mbola mba manohy ny fangatahana fanampiana izay raha sitrakareo fa mbola betsaka ny asa sisa mbola hatao : Dallage , tilikambo ary lakolosy ; fa ny mahamaika izao dia ny "Bancs" (ao amin'ny taratasy fanampiny ny fanamafisana an'io Bancs io ) .Koa dia mangataka ny hamoram-ponareo lehibe izahay ny amin'ny fanampiana , "ny Devis moa efa nomenay anareo taty"

Noho izany , dia indro misy fisaorana avy aminay : lamba Malagasy atolotra anareo avy amin'ny FLM Ambalatambina Fitandremana Amontana . Mirary soa antsika rehetra , ny fiadan'ny Tompo sy ny fahasoavany anie no ho amintsika rehetra

Manao sonia ny komitim-piangonana



- Katekista :

*Hélène*

*Pragmatrona Hélène*

- Ny Mpitahiry vola ny fanorenana:

*Raul Ramangason Gilbert*

Ny Pastora mpitondra fitandremana Amontana

*Rafidimalala Apollinaire*



**RAFDIMALALA Apollinaire**  
Pastora ny FLM

**F.L.M Ambalatanbina.  
Mahazengy.  
Fitandremana Amontana.  
Fileovana Finarantsoa.**

Ambalatanbina Mahazengy faha 27/07/2013

« izay tena sakaiza tokoa dia tia amin'ny  
andro rehetra . (oh: 17 - 17")

Ho an'ny Kristianina havana aty amin'ny **F.K.M.S.M**  
(Fiangonana Kristianina, Malagasy , aty Suisse sy ny  
Manodidiny). Projet.

Ho aminareo anie ny fahasovana sy ny fiadanana avy  
amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

Nohon'ny asa maika izay ho tanterahina amin'ny  
manaraka, dia indro misy vina izay heverina ho  
laharam-pahamehana ny fanaovana ny Bancs izay  
mirefy 2,50m. miisa 30 (telopolo) mitentina. 100 000 Ar  
ny iray ka mitotaly ho 3.000.000 Ar (Telo Tapitrisa  
Ariary).

Eo am-piandrasana ny valiny mahafa-po avy aty -  
aminareo dia mirary soa ho antsika rehetra, ny  
fiadan'ny Tompo sy ny fahasovany anie ho amintsika  
rehetra.

Manao Sonia.

Ny Komitim-piangonana.



❖ Katekista

*Helene*

*Razanatsoa Helene*

❖ Mpitahiry vola ny fanorana

*Ramangason Gilbert*



Ny Pastore mpitondra Fitandremana